FIFANINANANA
“MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy”

Misokatra ny fifaninanana MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy ka ireto manaraka ireto ny andinindininy mikasika izany:

MPIKARAKARA OFISIALY:

Association DERA France

Association à but non lucratif , LOI 1901, n° W284001212 du 18 juin 2018 par la Sous Préfecture de Nogent le Rotrou, Centre Val de Loire, France

Ny tanjony dia manampy ireo zaza kambana nariana ao amin’ny tanànan’ i Mananjary ary manohana sy manampy ny talenta manerana an’i Madagasikara.

HEVI-DEHIBE FONOSINY SY TANJONA:

Fampitana ny soatoavina, fahendrena, fihavanana, firaisan-kina malagasy sy fandalàna ny teny malagasy

MASON-TSIVANA (Critères de participation) :

- Tovovavy 18-24 taona
- Mirefy mihoatra ny 1,65m
- Malagasy ray na reny
- Miteny malagasy
- Tsy manam-bady, tsy manan-janaka
- Manana fotoana malalaka handraisana anjara amin’ny dingana manaraka rehetra voalaza etsy ambany raha voafidy
- Vonona hiantoka ny enti-manana rehetra ilaina voalaza etsy ambany amin’ny dingana arahina
- Manaiky ny fepetra rehetra voalaza etsy ambany
- Mivonona amin’ny fanontaniana mety hipetraka mikasika an’i Madagasikara, ny fifaninana Miss Monde, ny Association DERA France, ny antony mandrisika ny tovovavy handray anjara (motivations), **izay fanontanina mety hipetraka koa ireo mandritra ny fifaninana manaraka rehetra.**

DINGANA ARAHINA SY FEPETRA

1. MISS DIASPORA MALAGASY-ITALIE

- Mahafeno ireo mason-tsivana voalaza etsy ambony
- Mandefa mail amin'ny adresse voatokana: ***missdiasporaitalie@gmail.com*** miaraka amin'ny takelaka fisoratana anarana (anarana sy fanampin'anarana - acte de naissance – refy - sary tapaka sy sary lava), fanekena ny fitsipika sy filazana ny fahavononana.
- Mandeha any amin'ny tanàna hanaovana ny fifidianana farany (samy miantoka ny fahatongavany, ny toerana hipetrahany) ny mpifaninana hiatrika ny sivana manoloana ny mpitsara sy ny lanonana fanolorana izay voafidy MISS DIASPORA MALAGASY-ITALIE amin'ny daty……...
- Samy miantoka ny akanjo sy kiraro hanaovany mandritra ny fifaninanana:

    * Tenue traditionnelle
    * Tenue de soirée
    * Tenue de plage
    * Tenue de ville
    * Kiraro misy talon

2. MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy

- Mandeha **any Paris (France)** ny MISS DIASPORA MALAGASY-ITALIE hiatrika ny fIfaninana MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy.
- Ny fifidianana dia hatao any Paris (France) ny **15 oktobra 2022.**
- Ny Association DERA France no mikarakara ny FINAL MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy ao Paris
- Mifanampy amin'ny malala-tànana ny Association DERA mandefa ny MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy ho any Madagasikara hiatrika ny Fifaninanana MISS MADAGASCA Ofisialy
- Mandoha frais de licence (na frais de participation) ny komity mpikarakara any amin'ny firenena samihafa ho fandraisana anjara amin'ny MISS MADAGASCAR Ofisialy.
- Ho an'ireo izay mipetraka ivelan'ny France dia samy manao izay hahatongavany any Paris sy samy miantoka ny toerana hipetrahany any amin'ny fotoana hanaovana ny Fifaninana MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy.

3. MISS MADAGASCAR OFISIALY

1. Ny MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy dia mandeha mandray anjara amin'ny Fifidianana MISS MADAGASCAR Ofisialy any Madagasikara

2. Ho entina midina any Mananjary (misy ireo Associations miara-miasa amin’ny Association DERA) ny tovovavy Diaspora Malagasy izay lany aty ivelany rehefa avy mandray anjara amin'ny Fifaninanana MISS MADAGASCAR Ofisialy

3. Raha lany MISS MADAGASCAR Ofisialy moa dia mijanona any Madagasikara mandritra ny taona iray maha Miss azy, satria ilaina ny fiaraha-miasa amin'ireo partenaires any an-toerana hikarakarana ny fandehanana hanatrika ny Fifidianana MISS MONDE. Ny komity MISS MADAGASCAR Ofisialy no miantoka azy.

4. Mandoha frais de Licence ny komity mpikarakara MISS MADAGASCAR Ofisialy amin'ny fandraisana anjara amin'ny MISS MONDE.

5. Eo amin'ny tenue ilaina amin'ny Fifidianana MISS DIASPORA MALAGASY Ofisialy any Paris dia ny Association DERA sy ireo mpanao asa-tanana Malagasy no mifandrimbona mampiakanjo toy ny :

    * Tenue TRADITIONNELLE
    * Tenue de plage
    * Tenue de soirée

    Fa ny tovovavy mpandray anjara kosa no mitondra ny tenue de ville sy ny kiraro misy talon ilaina.

4. MISS MONDE

Hoampitain’ny mpikarakara amin’izay voafantina ny mikasika izany.